INO MALAZA

ATD QUART MONDE

N° 10 / juin 2016 / www.atd-quartmonde.org

**MATOAN-DAHATSORATRA**

## Mitohy ny tantara …

… mitohy koa ny fanovana endrika an'Antananarivo. Efa nanomboka ny ampahany voalohany amin'ny tetikasa fanamboaran-dalana antsoina hoe "Lalan'ny Filoha" mandalo eny amin'ny fefiloha "digue". Ny ampahany fahatelo amin'io tetikasa io no mahakasika ny fandravana ireo trano miisa 20 eo ho eo eny Andramiarana sy tsy maintsy hamindrana ireo fianakaviana monina ao. Hatramin'izao anefa dia mbola tsy misy resaka na ny toerana na ny fomba hamindrana azy ireo. Ho aiza àry izy?



*Gorettie sy Marcelline tonian'ny Gazety INO MALAZA*

Etsy andanin'izany koa vokatr'io fanamboaran-dalana io ihany dia tsy maintsy hafindra toerana ny "décharge". Ireo fianakaviana ireo anefa dia mivelona amina fitsimponana potika akora arian'ny orinasa samihafa. Dioviny ireo akora ireo ary amidiny na ahodiny ho lasa fitaovana: ny poti-damban'ny orinasa afakaba, ohatra, dia anamboarany "tapis". Hafindra aiza àry ny "décharge? Azon'ireto fianakaviana ireto arahina ve io toerana io, sa sady ho very fonenana izy ireo, no ho very fitadiavana ?

*Marcelline RAMANANTSARA sy Gorettie RAZAFIMAHATRATRA*

## Vondron'asa mandinika ny fivoaran'ny MMM



10 taona izao no nijoroan'ny MMM. Ilaina ny fiatoana hijerena ny lalana nodiavina sy handinihana ny dingana hatao. Olona miisa 15 ao amin'ny Fikambanana eto Madagasikara no mivory isaky ny faran'ny herinandro ary indray mandeha isam-bolana, nanomboka ny volana Desambra 2015. Natao hanolotra soso-kevitra any amin'ny Fitantanana Foiben'ny Fikambanana ATD Quart Monde sy amin'ny Filan-kevi-pitantanan'ny MMM io vondron'asa io aorian'ny volana Jiona 2016. Miaraka amin'izy ireo i Gérard BUREAU sy i Bruno DABOUT izay mitondra ny traikefan'ny avy any ivelany hanohanana ny fientanana sy hanamasahana ny fifanarahana amin'ny dingana manaraka. Ny tombanezaka nataon'i Denis GENDRE no niaingan'io vondron'asa io, mba hahazoana tsara ny fanadihadiana an'ireo mpanao asa tanan'ny MMM, ny ekipa mpandrindra ny fiofanana, ny mpitantana ary ireo mpiara-miombon'antoka sy hijerena ny famatsiana ny MMM hatrany am-boalohany ary hampifandraisana azy amin'ny ATD Quart Monde Madagasikara. Ny andrasina amin'io vondron'asa MMM io dia ny fifampiresahana hahitana izay lalan-kizorana amin'ny tetikasa hatao manaraka sy fanangonana hevitra maromaro mikasika ny asa hampiharina izay hohatsaraina miandalana arakaraka ny fahafahan'ny olona sy ny fahazoana famatsiana. Mandritra izany dia manohy ny firotsahany miaraka amin'ireo mpiasa tranainy ihany ny MMM



Contact : mada@atd-quartmonde.org - 034 14 910 41 - 034 08 680 40

## Mitondra fahafahana ho anay mianaka ny fahazoan'i Joany seza misy kodiarana



Valo mianadahy izy no mpiray tampo. Zazalahy kely malemy tanana sy tongotra i Joany. Tena matsilo saina  anefa izy. Tsy tiany loatra ny miantehitra aman'olona na dia malemy aza izy ka aleony mikisaka na mandady amin'ny kibony rehefa misy zavatra tiany hatao. Naniry mafy ny mba hahafahan'i Joany mamonjy famakiam-boky miaraka amin'ny ankizy na mandeha mivoaka ny tanàna ny reniny. Noho ny fiaraha-miasa amin'ny ONG MERCY dia nahazo seza misy kodiarana izy*. "Lasa maivana ny dianay mianaka,* hoy ny reniny*, toy  ny olona afaka izahay, satria efa manan-tongotra i Joany, ka afaka mandeha lavitra mivarotra "tapis" etsy sy eroa*.

## Ianareo no Fianakaviam-beko taty, herintaona izay



***"Mirary herim-po sy fahombiazana ho anareo amin'izay sahaninareo aho. Tena harem-be ho ahy tokoa ireny fiarahantsika rehetra ireny ary hotehiriziko ao am-poko  mandritra ny androm-piainako. Misaotra indrindra anareo aho tamin'ny fandraisanareo ahy teto amin'ity firenenareo kanto dia kanto ity fa tena nahafatra-po ahy tokoa ireny",*** hoy i Guillaume tamin'ny lahateny  nataony ho fisaorana sy fanaovam-beloma ny mpikambana ny 20 Febroary 2016. I Guillaume moa dia mpirotsaka an-tsitrapo niasa teto Madagasikara, saingy tsy maintsy nody noho ny antony ara-pahasalamana.

## Ny fitsoahan'ny ankizy an-daharana any an-tsekoly



Io no lohahevitra nosafidiana tamin'ny Université Populaire Quart Monde fahatelo, izay natao ny 5 Marsa. Nanapa-kevitra manko ny ekipa mpiandra-ikitra fa handalina ny mikasika ny fanabeazana sy ny fahasalamana aloha, vao hiditra amina lohahevitra hafa.

***"Ny ankizy mitsoaka an-daharana any an-tsekoly matetika dia kely manambady, kely miteraka ny zazavavy. Lasa saro-piterahana izy ireny ka telo na efatra andro vao teraka. Raha entina any amin'ny hopitaly lehibe izy ireny dia mila vola be. Ny ray aman-dreniny koa tsy afaka mody fa miandry any mandra-pahaterany. Mbola tsy ampy fahamatorana izy ireny ka lasa tsy marin-tokantrano ary dia miafara amin'ny fisarahana.***



***Menatra ny fiaraha-monina ny ray aman-dreniny ka dia manampy an-janany, ankoatra ny fiahiany ny tokantranony. Lasa tarazo ho an'ny efa mahantra izany ny fahantrana.***

***Tsy ampy fahaizana ny tanora nitsoaka an-daharana ka lasa tsy ampy fahasahiana amin'ny fitadiavam-pivelomana koa. Tsy misy tanjona izy hoe inona no tokony hataoko, na asa mba azoko ianarana? Dia lasa verivery zo eny fotsiny izy ireo",*** hoy ity renim-pianakaviana iray. Anisan'ny vahaolana naroson'ny ray aman-dreny tamin'io ny fifampiresahana eo amin'ny ray aman-dreny sy ny zanaka ary ny fifanatonana sy fifandraisana eo amin'ny ray aman-dreny sy ny mpampianatra.



Contact : mada@atd-quartmonde.org  -  034 14 910 41 -  034 08 680 40

## Andron'ny Fianakaviana Toliara

Tamin'ny 14 May 2016 no notanterahin'ny mpikambana ATD Quart Monde Toliara ny Andron'ny Fianakaviana.

Toerana misarika mpizaha tany any Mangily antsoina hoe Madiorano no nalehan'izy ireo. Nanatevin-daharana an-dry zareo tany koa ny fianakaviana sahirana tarihin'Andriamatoa Salimo izay mifandray akaiky amin'ny Fikambanana. Nizotra araka ny nanomanana azy ny fotoana ary tamimpirahalahiana amam-pifankatiavana no nanatanterahana izay rehetra natao tany ka "**ny masoandro *maty no nampalahelo*"** ny rehetra. Marihina etoana moa fa Andriamatoa Salimo dia namoy ny vadiny ny Alahadin'ny Pantekôty, ampitson'io.





## Vaovaon'i Mahajanga

Naverina tamin'ny volana Aprily teo ny famakiamboky an-kalamanjana any Mahajanga rehefa niato nandritra ny iray taona teo ho eo. Nanapa-kevitra ny tanora sy ny fianakaviana ary ny namana mpiara-dia any an-toerana fa hifandrindra amin'ny fanentanana famakiam-boky isaky ny Alarobia tolakandro. Ny ankizy koa moa efa tena nangetaheta vakiboky rahateo**. *"Tafahaona izany ny tia sy ny manina".***

### VAOVAOM-PARITRA

## "Miara-mandinika sy miara-miasa"

Io no lohahevitry ny **Fihaonam-paritry ny Fikambanana ATD Quart Monde teto amin'ny Ranomasimbe Indiana,** izay natao tany Môrisy ny 29 Aprily ka hatramin'ny 6 Mey 2016.





Contact : mada@atd-quartmonde.org - 034 14 910 41 - 034 08 680 40






Io fihaonana io dia natao ho fiofanana sy fanamafisana ny firotsahan'ny rehetra amin'ny ady amin'ny fahantrana lalina. Nahitana mpandray anjara 45 avy any La Réunion, Archipel Comores, Maurice, Rodrigues, Seychelles ary Madagasikara io fihaonana io. I Modeline sy Saribikane,Toliara, i Joël, Mahajanga; i Jean Louis, Goretti, Prisca, Lamine, Voahirana, Zoé ary Marcelline avy eto Antananarivo no solontenan'ny Malagasy tamin'izany. Asan-tsokajin'ireo toko telo mahamasa-nahandron'ny Fikambanana (fianakaviana, namanana mpiara-dia ary mpirotsaka an-tsitrapo) no nenti-nandalina ny firotsahana nandritra ny roa andro misesy. Notohizina tamin'ny fifanakalozan-kevitra tamin'ny "Commission Océan Indien" ny fihaonana mba hifankahafantarana bebe kokoa amin'ny sehatrasa irotsahana sy hirosoana amin'ny fitoviam-pijery amin'izay fomba hapetraka, mba hiantefa amin'ireo olona tena mahantra ny asa atao. Ny "Caritas" sy ny ATD Quart Monde no niara-nanentana tamin'ny famakafakana ny Fitsipika Ankapoben'ny Firenena Mikambana mikasika ny fahantrana lalina sy ny Zon'olombelona. ary nisokatra tamin'ireo ONG, Fikambanana sy andrim-pitondrana môrisianina mirotsaka amin'ny ady amin'ny fahantrana. Nofaranana tamin'ny fanaovan-tsonia ny fifanaraham-piaraha-miasa hatramin'ny 2017 eo amin'ny ATD Quart Monde sy ny COI io fihaonam-paritra io.



***Alain Fanchon, Nathalie Gendre, Martine Le Corre, Goretti Razafimahatratra, Gilberte Moellon***
***Ekipa mpanomana sy mpanentana ny Fihaonam-paritra Oseanina Indianina***



***Jean Claude de L'ESTRAC***
***Sekretera Jeneralin'ny Kômisiona Oseanina Indianina sy Cassam UTEEM***
***Filohan'ny Fikambanana Iraisampirenena ATD Quart Monde***

Nanamafy ny fianakaviana hoe : ***"Ny fandavana ny fahantrana lalina no mampiombona anay. Zava-dehibe tokoa ny fiombonana mba hahitan'ny olona antsika, mba tsy hanaovan'ny Fanjakana izay tiany hatao ary mba hanerena azy hiditra ao anatin'ny firaisan-kina"***

***" Mba hamongorana ny fahantrana lalina dia mirotsaka aho ary manaiky ny fanovan'ny olona tena mahantra ahy : tsy mitsaratsara olona ary mitarika ny namako sy mampahafantatra azy ireo ny Fikambanana ",*** hoy ny namana mpiara-dia.

***" Mahakasika ahy ny fahantrana lalina. Mahazo hery aho noho ny fankatoavako ny ady ataon'ny hafa sy ny fahareseko lahatra fa noho ny ady lavareny natao dia tsy nisy intsony ny fanandevozana sy ny fanavakavaham-bolon-koditra ",*** hoy ny fanamafisan'ny mpirotsaka an-tsitrapo.







Contact : mada@atd-quartmonde.org - 034 14 910 41 - 034 08 680 40